
# Jésus Vivant en Marie

## Edition Malgache



## No. 17, septembre 2019

**Bulletin Mensuel de Formation et d'Information**




**Entretien exclusif avec Nathalie DOROCHKEVITCH de Biélorussie**




Association Marie, Reine des Coeurs


## MISSIONNAIRES MONTFORTAINS

**Tél** (+39) 06-30.50.203
**Fax** (+39) 06 30.11.908

Viale dei Monfortani, 65, 00135
Rome – ITALIE

http://www.montfortian.info/amqah/
rcordium@gmail.com

# Table des matières

Fanazavana Ara-baiboly - Fahendrena 9, 13-18 ____ 3

MISIONERA ANKEHITRINY –
Inculturation & Incarnation ____ 5

Fanadihadiana niarahana tamin'I Nathalie DOROCHKEVITCH :
avy any Biélorussie ____ 9

Partage de Christelle - « Nitondra fitsaboana ho ahy ny
fanaovana ny fanokanan-tena » ____ 13

Nouvelles – LIMA, Pérou ____ 15

Montfort - Cantique 22 : FANAPAHA-KEVITRA SY VAVAKY NY
MISIONERA MAFANA FO SY LAVORARY ____ 17



## *Fanazavana ara-baiboly*



# Fahendrena 9, 13-18

13 Quel homme peut découvrir les intentions de Dieu ? Qui peut comprendre
les volontés du Seigneur ?
14 Les réflexions des mortels sont incertaines, et nos pensées, instables ;
15 car un corps périssable appesantit notre âme, et cette enveloppe d'argile
alourdit notre esprit aux mille pensées.
16 Nous avons peine à nous représenter ce qui est sur terre, et nous
trouvons avec effort ce qui est à notre portée ; ce qui est dans les cieux, qui
donc l'a découvert ?
17 Et qui aurait connu ta volonté, si tu n'avais pas donné la Sagesse et
envoyé d'en haut ton Esprit Saint ?
18 C'est ainsi que les sentiers des habitants de la terre sont devenus
droits ; c'est ainsi que les hommes ont appris ce qui te plaît et, par la
Sagesse, ont été sauvés. »



Inty Aho tonga hanao ny sitraponao, Andriamanitra ô !

Ity andininy  ity dia miantomboka amin'ny fanontaniana anankiroa : fa iza moa no olombelona, afaka hahalala izay hevitr'Andriamanitra ? Zovy no hahatakatra izay sitrapon'ny Tompo ? Izany fanontaniana izany dia efa nisy tao amin'i Izaia mpaminany : Iza moa no afaka handrefy izay fihevitr'Andriamanitra ? (Iz 40, 13) Nanakoako tao amin'i Masindahy Paoly koa izany : Iza moa no nahalala izay hevitry ny Tompo ? Rm 11, 34 sy 1Kor 2, 16.

Matetika mipetraka amintsika koa izany fanontaniana izany : Inona moa no sitrapon'Andriamanitra ? Amin'ny fomba ahoana no hahazoana azy ? Moa ve tsy milaza isika ao anatin'ilay vavaka Rainay any an-danitra hoe : ho tanteraka anie ny sitraponao. Voarakitra ao anatin'ny Baiboly manontolo izany fitadiavana ny sitrapon'Andriamanitra izany : Tompo ô, ampianaro ny làlan'ny fitsispikao aho (Salamo 118)
Fa inona moa izany sitrapon'Andriamanitra izany ? Mamaly antsika ary i Masindahy Paoly : Andriamanitra dia tia ny hahavoavonjy ny olona rehetra, sy ny hahatongavany amin'ny fahalalàna ny marina. (1Tm 2, 4)





Izany sitrapon'Andriamanitra izany dia miseho amin'ny fanarahana ny Lalàna, ireo didin'Andriamanitra (ireo didy folo amin'ny teny hebrio) izay tsy lalàna ho an'ny fitondran-tena tsara fa kosa torolàlana ; rehefa mandray làlana iray isika dia tsara ny mahalala ireo fahasoratana, ireo sakana, ireo fandrika  hosorohana, ireo làlana tsy marina… mba hahatongavana mora kokoa amin'izay tanjona, mahafantatra izany tsara ireo mpandeha dian-tongotra lavitra ! Mahalala ny fahelementsika sy ny fetrantsika Andriamanitra fa tsy mba mamela antsika irery tsy misy mpitarika izy. Izany no ambara ao amin'ny tohin'ny andininy izay noraisintsika : miroahana ny hevitry ny olombelona mety maty, ary anjoanjo ihany ny eritreritray… zovy no nahalala izay sitraponao, raha tsy nomenao ny Fahendrena, sy nanirahanao ny Fanahinao Masina avy any ambony ?
Izay tsy azon'ny olombelona atao amin'ny herin-tsandriny irery tokoa dia manjary azo heverina miaraka amin'ny fanampian'ny Fanahy Masina.
I Jesoa ihany dia nilaza izany koa tamin'ireo Apostôliny mialohan'ny nandaozany azy ireo : Mbola manan-javatra betsaka holazaina aminareo Aho, nefa tsy zakanareo ankehitriny ; fa rehefa tonga ny Fanahy fahamarinana, dia Izy no hitari-dàlana anareo amin'ny marina rehetra. (Jn 16, 12-13)

Ity andininy ao amin'ny boky Fahendrena ity dia mamarana ny vavaka nataon'i Salomona mba azahoana ny Fahendrena ; Masindahy Louis-Marie dia mitanisa izany andininy izany ao amin'ny ASE 192 ary manolotra azy ho vavaka azo atao.

Inona moa no tsy handraisantsika ireo Tononkiran'i Mompera de Montfort : C.103 , 125, 125, 126 : O ry Fahendrena, tongava, mitalaho aminao ity mahantra … Manoro antsika ny làlana kosa Jesoa : Inty Aho tonga hanao ny sitraponao, Andriamanitra ô ! (He 10, 7).

**Pierrette MAIGNE**

## MISIONERA ANKEHITRINY
## Inculturation & Incarnation

Ny fihaonana voalohany amin'ny tontolo misionera manomboka foana amin'ny TENY . Mianatra teny vahiny manahirana ary matetika loharano ny tsy fifakazahoana.



Ohatra, isika rehetra mahalala fa ny matoanteny « accostare » mitovy hevitra amin'ny teny italiana sy frantsay (= manantona) saingy ho an'ny namantsika mampiasa ny teny espanola midika hoe «  miara mandry amin'i ... » Ary rehefa manentana ny mpiangona ny pretra izay te hikonfesy mba « hanantona ny pretra izatsy », azontsika antsaina ireo mampiasa ny teny espanola rehefa asaina amin'ny alalan'ny matoanteny hoe « accostare ». Mitovy an'izay ny fomba fiteny frantsay « Je me sens embarassé » midika koa amin'ny teny italiana hoe «  tsy mahazo aina, sahirana, ... » ; fa « embarazada », « embarazo(a) » amin'ny teny espanola kosa midika hoe « bevohoka, mitoe-jaza » dia azontsika an-tsaina izany ireo namantsika toran'ny hehy rehefa anontaniana hoe «  comment vous sentez-vous ? » « manao ahoana ianao izao ? », ary misy masera mamaly hoe « un poco embarazada » … Inona no azo lazaina momba ny misionera amerikana izay, ao anatin'ny

toriteniny, mirehareha ery manonona ny teny faran'ny Papa hoe « asi como dice LA PAPA Francisco ... » Izay nahatoran'ny hehy ireo mpihaino espanola satria « LA PAPA » midika hoe OVY amin'ny fiteniny ary « EL PAPA » midika hoe NY PAPA … tena hoe litera dia manova tanteraka ny hevitry ny fomba fiteny marobe.



Feno hafanan-po ary maro hevitra tsara sahala amin'ireo misionera tanora, tonga amin'ny firenena iray ianao, amin'ny tontolo hafa misy olona feno olona samihafa tanteraka . Ny tsapanao voalohany dia « ny ho tonga sahala azy ireo », hiankanjo sahala azy ireo ( izay no mahatonga antsika manana karazana kapa antsoina hoe yankee), mihinana izay hohaniny, misotro izay sotroiny, manao izay itovizana amin'izy ireo amin'ny ora (manaraka ny ora ara dalana sa ora peroviana?) sy ny sisa. Dia toa tsara avokoa araky izay tsara indrindra. Nefa, ireo « olona tahafina » manontany tena tsy toa ohatry maneso ny kolontsainy ny fakana tahaka azy ary manomboka miteny aminao fa tsy dia tsara loatra amin'ny pretra ny mampiasa « Yankee » (Olona hafa no manao izay handriganana azy). Tampoka lasa, mahatsiaro tena ianao fa tsy afaka andeha hisotro rano amin'ny vovo ndry zareo ( raha tsy hoe efa nampangotrahana ela be). "Ry zareo » amin'io misotro amin'ilay rano amin'izao satria efa manana ny hery fiarovana izay mbola tsy hananako ; mitovy amin'izay, sarotra ho ahy ny mihinana izay hohanin-dry zareo , indrindra miaraka amin'ireo karazana hanitra. Vokany? Raha mitohy manaraka izany aho, dia ahazo ireo aretina toy ny karazana tifoida , tazo mahery, na valan'aretina na aretina azo amin'ny bibikely... Ireo no tantarain'ireo misionera voky andro , izay mbola azo tsapaina tsara ny vokany ankehitriny.

Ary avy eo, tadidiko tamin'ny fanomanana ireo misionera andeha ho any Amerika latina , izao no lazaina azy ireo, « Tadidionao fa TSY HITOVY AMIN'NY DRY ZAREO MIHINTSY IANAO ». Ary tadidiko ihany koa izay nahazo ny mpanorina ny Fikambanantsika tao Potiers . Nitamberina tao an-tsaiko :

**« Raha mikasa andeha any amin'ny hopitaly aho mba hanompo ireo mahantra ara batana , raha tsy afaka ny hanompo azy ara-panahy ihany. Niditra aho mba hivavaka amin'Andriamanitra tao amin'ny fiangonan dry zareo, ary efa ho adina 4**

**teo no nandalovako tao mandra piandry ny sakafo hariva, tena fohy tamiko ireo fotoana ireo nefa tena lava tokoa ho an'ireo mahantra izay, mahita ahy mandohalika, miaraka amin'ny fitafy izay tena mitovy amin'ny fitafin dry zareo, nandeha niteny tamin'ny hafa sy nifanampy teo ry zareo hanao asa fiantrana ho ahy, ny hafa nanome betsaka, ny hafa kely, ary ireo izay tena faradiranovana nanome iray denie, ary ny mpanan-karena nanome tany. Ireo rehetra ireo dia nitranga fa tsy fantatro akory ny fisiany. Nivoaka ny eglizy aho hanontany oviana no hisakafo hariva sy afahako manararaotra manompo ireo mahantra eo am-pihinanana saingy tena diso aho tamin'ny lafiny iray, fantatro fa tsy miara misakafo ry zareo ary tamin'ny lafiny iray , gaga aho satria niantra ahy ry zareo ary nanome baiko ny mpamoha varavarana tsy hamela ahy hivoaka . Misaotra an'Andriamanitra betsaka aho izay nahafahako nanao ho toy ny mahantra sy nitondra ireo andraikitra be voninahitra ary isaorako ireo rahalahiko sy anabaviko noho ny hamorampony. (Lettre 6).**

Raha atao amin'ny teny hafa dia nanana olana koa i Pere Montfort « hitovy » amin'ny dry zareo.





I Jesoa naka nofo tao amin'ny kolontsaina iray, ny kolontsaina Jiosy, araka ny fampatsiahivana ny Pape François matetika. Ny kristianina, naka nofo tamin'ny kolontsaina tandrefana, be loatra, ka lasa sarotra ny maka nofo Azy amin'ny kolontsaina hafa, indrindra ny Teny, ireo sakramenta sy ny asa fiantrana ! Manomana ny Synoda momba i Amazonia miaraka amin'ny lalana vaovao ny Eglizy sy fianarana ny tontolo iainana iraisan'ny rehetra . Mila Eglizy « manana endrika amazoniana » isika. Mino aho na dia sarotra aza ! Manantena anefa aho fa tena hisokatra amin'ireo lalana vaovao ny eglizy, miaraka amin'ny fiovana eo amin'ny pastoraly sy ny ekolojia !

Raha ny traikefako indray ,milaza fa ny misionera any amin'ny firenena hafa dia midika amin'ankehitriny fa mila mandeha tahaka ny vahiny hasaina isika, ary tonga saina tsara ny amin'izany, fantratra fa andeha hipetraka any amin'ny tranon'ny vahoaka hafa aho, ary kolontsaina hafa na dia ao anatin'ny Fikambanana misy ahy aza. Amin'ny maha vahiny asaina ahy, dia tsy maintsy mankasitraka, manaiky izay atolotra sy omena

ahy aho. Mila manaiky miaina maimaim-poana ho ekena, omena sakafo sy hitoetra ao anatin'ny tontolo ny hafa. Eo amin'ny tanin'ny mponina hafa ny tranoko ary tsy ahy akory. Fa trano indramina, an'olon-kafa mantsy. Trano manankasina izay karakaraiko tsara. Nandroso aho amin'ny maha vahiny nasaina ahy tao anaty fifandraisana ara-pianakaviana sy ara piaraha-monina, nipetraka amin'ny toerako aho ary tsy haka ny toeran'ny hafa. Ny vahiny tsy maneligelina, na mieboebo, na miavonavona. Izaho ity vahiny nasaina satria nandray ny fanomezana ho tonga soa maimain-poana.



Ny vahiny voaray sy mandray ny fampiantranoana : amin'io indrindra no lasa NAMANA izy. Sanatria ny nandeha ho any amin'ny mponina hafa na kolontsaina hafa mba ho indraindraina na lasa mahery fo ny tontolo roa mahay ny rehetra. Tsy kelikely, lasa mahafinaritra ny mankafy ny kolontsaina ireo iantranoako, ny hatsaran'ny teniny, ny tsiron'ny sakafony ary ny finamanana naterak'izany. Mety hitombina koa, ny vahiny tsy hahazo aina ho ao anatin'ny fianakaviana satria tsy ho isan'ny fianakaviana mihintsy izy. Mila fotoana betsaka, mba hahatonga ny vahiny iray hiombona tanteraka amin'ny fianakaviana mampiantrano, saingy tsy lasa mpikambana feno ao amin'io fianakaviana io izy. Tsy mora izany hoe vahiny nasaina, ary anisan'ny fepetra ilaina izay tokony eken'ny misionera izany raha te hiditra anaty kolontsaina hafa izy.

Ao anatin'ny sata ny maha vahiny nasaina no hifandraisana sy hianaran'ny misionera, hampianarany sy hizarany, hampitany sy handraisany, fantaro fa ny Fanahin'ny Tompo mialoha lalana azy hatrany.



Afaka miombona anaty vavaka isika: *Prière Embrasée* 6-10.

**P. Luciano Andreol**
**Missionnaire au Pérou-Brésil**

# Manomana ny fontsika ho amin'ny Fanjakan'i Jesoa Kristy i Maria

## Fanadihadiana niarahana tamin'I Nathalie DOROCHKEVITCH avy any Biélorussie

***Nathalie Dorochkevitch** dia nahazo ny diplaoma tao amin'ny Oniversite momba ny haiteny, sampam-pianarana teny Frantsay ary mpikambana efa hatrin'ny ela tao amin'ny Légion de Marie. Nanomboka nandika ireo asasoratr'i Père de Montfort ho amin'ny tenim-pirenena niaviany izy, dia ny Biélorussie.*




***Azonao faritana amin'ny ankapobeny ve ny toe-java-misy mahakasika ny Egkizy Katolika Romana any Biélorussie?***

Ny Eglizy Katolika Romana no fivavahana ofisialy faharoa any Biélorusse. Aorian'ny Ortodoksa, ny Katolika no maro an'isa. Na eo aza izany, tsy azo lazaina hoe miaina an-kalalahana ny Eglizy Katolika. Mifanohitra tanteraka, ny politikam-panjakana dia matetika no manohitra ny fampandrosoana ny Eglizy Katolika. Ohatra: isan-taona ny Ministeran'ny raharaham-pivavahana dia mandroaka Pretra Poloney roa na telo hiverina any amin'ny firenena niaviany avy, amin'ny fandavana ny fanavaozan'izy ireo ny fahazoan-dàlana hijanona any an-toerana. Tsara ny mampahafantatra fa ny Pretra Poloney no maro an'isa any Biélorussie, tonga aty amin'ny firenenay izy ireo mba hanampy anay satria tsy ampy ny habetsahan'ny Pretra Biélorusse.

***Azonao atao ve ny milaza aminay ny momba anao amin'ny fifandraisanao amin'I Père de Montfort: oviana ianao no nahafantatra azy? Taiza? Iza izy araka ny fahatsapanao voalohany sy ny fahalalanao tamin'izany fotoana izany? Ahoana ny namantaranao ny asasorany kanefa ianao koa milaza fa i Montfort dia Olomasina tsy fantatra ao amin'ny firenenao?***

Ny nahafantarako voalohany an'I Père de Montfort dia tamin'ny taona 2000, taona izay nidirako tao amin'ny Fikambanana Légion de Marie ary fotoana nikarohana lalina ny momba an'I Maria tena miavaka. Nandritra ny iray tamin'ireo fivoriana, fr. Ouladzimir, filohan'ny mpitarika anay izay tia manaja be an'I Md Louis Marie Grignion de Montfort, izy no nanolotra ahy ny boky "Raki-tsarobidy nankinina tamin'I Maria" amin'ny dikanteny Rosiana. Tamin'izany fotoana izany, io no

voalohany sy hany dikanteny tokana amin'ny asasoratr'I Montfort tany amin'ireo firenena Sovietika teo aloha. Novakiako tamin'ny andro fialan-tsasatra fahavaratra ity boky kely ity (tamin'ny famaranako ny taona faharoa amin'ny Onivesite). Tena nisafotofoto ny namakiana azy voalohany, tsy azoko loatra ny zavatra novakiako, saingy tsapako mangina fa: "izany no tadiaviko". Fotoana fohy taorian'izay dia nihaona tamin'ny Fikambanana FIAT tany Belgique aho. Tanatin'ny fifandraisana, dia niresaka ny mahaliana ahy amin'I Md Grignion de Montfort aho sy ireo Tomponandraikitrin'ny Fikambanana, Roger sy Cécile Matthys, no nandefa tamiko ny "Tena Fitiavana sy Fanajana an'I Masina Maria" natontan'ny Frantsay ary koa ny tantaram-piainan'I Montfort. Misaotra azy ireo fa nanana fahafahana hianatra lalindalina kokoa ny fiainam-panahin'I Père de Montfort aho ary hiditra amin'ireo fomban'I Maria izay tena mampiavaka azy manokana izay efa nokatsahiko fatratra aho. Tamin'ny 2003, nasain'izy ireo nankany Frantsa tany Nevers aho, tany no nanomananay ny fihaonambe iraisam-pirenen'ny Amis de FIAT. Izany no namantarako an'I Mompera Louesdon Montfortana izay nitana andraikitra lehibe tamin'ny fikarohana nataoko sy ny fandalinako ny asasoratr'I Md Grignion de Montfort.



***Ianao no mandray andraikitra voalohany handika ny asasoratr'I Montfort amin'ny fiteninareo. Nahoana ianao no mahatsapa fa ilaina ny manao izany? Ahoana no hanaovanao izany?***

Md Louis Marie Grignion de Montfort dia iray amin'ireo mpiaro ny Fikambanana Légion de Marie ary ny famakiana ny asasorany dia tena natokana indrindra ho an'ireo Mpikambana ao. Ny eritreritro voalohany dia ny handika ny Tena fitiavana sy fanajana an'I Masina Maria amin'ny teny Biélorusse ho an'ny Légion de Marie aty Biélorussie. Tamin'ny 2012, nataoko ny fandikana ny Boky Tena fitiavana sy fanajana an'I Masina Maria sy ny Raki-tsarobidy nankinina tamin'I Maria, avy eo niresaka tamin'ny namako mikasika ny fanotana ireo asasoratra vaovao ireo aho, nifampiresaka tamin' ny Trano printy Katolika eto aminay, fa rehefa tonga ny fotoana dia tsy nanana vola izy.

Navoakako tao amin'ny tranokalanay Légion de Marie ireo lahatsoratra voadika ireo ary avy eo dia natsahatro ny fandikana ireo lahatsoratr'I Montfort. Tamin'ny taona lasa, nisy Pretra Dominikana iray nangataka ny handikako ny Tena fitiavana sy fanajana an'I Masina Maria hampiasaina mandritran'ny Kongresin'ny Raozery izay hotanterahina ny Volana Oktobra 2019 ho avy izao ary hatokana ho an'I Md Grignion de Montfort. Vantany vao nanambara an'io tamin'ny fomba ofisialy ny Evekanay dia nilaza tamin'ireo Pretra Montfortana tany Roma aho mba hangataka ny zon'ny mpamorona, ary izahay dia niasa tamin'ny fanavaozana ny dikanteny sy ny famoahana ny lahatsoratr'I Montfort aty Biélorusse.



***Ianao niteny hoe ny Volana Oktobra 2018, nisy ny Kongresy mikasika ny Raozery tao amin'ny firenenareo, ary ny Evekan'ny Diosezy izay nanaovana ny Kongresy dia nanambara fa ny Kongresy manaraka dia ho eo ambany fiarovan'I Md Louis Marie de Montfort. Azonao lazaina misimisy kokoa ve ny mahakasika an'izay?***

Ny taona 2018, ny Kongresy dia natokana ho an'I Md Thomas d'Aquin. Ny Kongresy amin'ny Volana Oktobra 2019 ho avy izao kosa dia ho eo ambany fiarovan'I Md Louis Marie Grignion de Montfort izay nanoratra hoe: " Miangavy anareo aho hitanisa ny Raozery isan'andro, raha vao manam-potoana ianareo,ary hotahiana ianareo amin'ny ora ahafatesanareo, amin'ny andro sy ora izay niheveranareo ahy" (jereo. VD254). Araka izany dia nomanina ny fampisehoana ny Tena fitiavana sy fanajana ny Virjiny Masina izay hivoaka voalohany ao Biélorusse.

***Araka ny hevitrao, inona no zavatra ilain'ny Eglizy ao aminareo ka azo omena valiny avy amin'ny asasoratr'i Père de Montfort?***

Raha ny hevitro manokana, I Père de Montfort dia misarika antsika hifikitra amin'ny fanajana ny Virjiny Masina, amin'ny fanompoana lalina an'I Maria. Any Biélorussie, izahay dia manana toeram-pivahinianana Masina maro ho fanajana an'I Masina Maria ka any amin'ireny ny mpino isan-taona no mandeha manome voninahitra manokana an'i Maria.

Maria no mitondra antsika mankamin'I Jesoa. Araka ny zavatra niainako manokana, afaka milaza aho fa: "arakaraka ny itiavako an'I Maria, no itiavako an'I Jesoa, arakarakan'ny maha-ahy an'I Maria no maha-ahy an'I Jesoa ihany koa.

Manomana ny fontsika ho amin'ny Fanjakan'I Jesoa Kristy I Maria. Ary io no zava-dehibe indrindra izay entin'I Père de Montfort ho an'ny firenentsika, dia ny: ny fanjakan'I Jesoa ao am-pontsika.

***Ahoana no fomba nidiranao sy nifandraisanao tamin'ireo Montfortana? Araka ny hevitrao, azo atao ve ny hiara-hiasa amin'ny fanampariahana ny aim-panahy Montfortana ao amin'ny firenenareo amin'ny ho avy miaraka amin'ireo Montfortana any Pologne, any Croatie ary any amin' ireo firenena Eoropeana hafa? Ahoana no hanatanterahana izany?***




Araka ny efa nambarako teo, ny namantarako voalohany ny Montfortana dia tany Nevers tamin'ny taona 2003 ka nahalalako an'I Mompera Louesdon. Tamin'ny taona 2018, rehefa nanoratra tany Roma mikasika ny fangatahako ny zoko amin'ny famoronana aho, dia io no fifaneraserako faharoa tamin'ireo Montfortana.

Azoko antoka fa azo atao ny miara-miasa amin'izy ireo amin'ny ho avy. Tiako mba ho fantatra tsara eto amin'ny fireneko ny aim-panahy Montfortana. Raha ny hevitro dia tsy maintsy atomboka amin'ny fandikana ireo lahatsoratr'I Montfort izany.

Nataonay tsara izany tany Pologne, ohatra: nadika sy navoaka tao amin'ny tranokala natokana ho an'I Md Louis Marie Grignion de Montfort ny lahatsoratra nosoratany. Ny lahatsoratra rehetra dia azo jeren'ny olona rehetra. Tsy maintsy manomana laretirety mahakasika ny Fanokanantena amin'I Jesoa Kristy eo am-pelatanan'I Maria, arak'I Père de Montfort. Any Pologne, misy Pretra maro miaina ity aim-panahy ity, hazony tsara ary iezahany ny mampiely izany araka izay fara heriny. Aty Biélorusse, tsy misy afa-tsy Pretra iray no hitanay mahalala an'ity rijan-teny manodidina an'I Maria ity ary afaka manampy anay.

Noho izany dia tokony hivelatra.

Partage

# « Nitondra fitsaboana ho ahy ny fanaovana ny fanokanan-tena »



Anio aho dia maniry ny hifampizara aminareo vanim-potoana iray teo amin'ny fiainako izay tena nangidy tamiko. Tamin'ny taona 2013, dia namoy ny zanako lahy iray teo amin'ny faha 21 taonany aho…narahina fisaharam-panambadiana izany ary voatery aho niala tao amin'ny trano nonenako mba hanorina fiainana vaovao indray. Nalàna tamiko ny zava-drehetra, ny zanako, ny vadiko, ny tranoko, ny zava-drehetra moa izany.
Nandritra ireo herinandro voalohany nanaraka ireo fisedràna ireo dia tena tao anatin'ny haizim-pito aho, nanjavozavo tanteraka. Ny fahafatesan-janako ihany no tsy afaka tao an-dohako.



Ny tombony ho ahy tamin'izany fotoana izany dia ny asa nanànako tao amin'ireo relijiozy, dia ireo pretra monfortana, kanefa tsy nivavaka aho. Tao amin'ny toeram-piasàko dia nisy sary vongana maneho ny Virjiny Masina. Tsy fantatro hoe ahoana fa indray andro, nijanona teo anoloany aho mba hijery azy ary nivavaka aho.
Nanomboka teo dia nanjary nataoko fahazarana isan'andro izany ary dia tsapako fa niha niova tsikelikely aho. Niadan-tsaina kokoa aho, tony ary nihatsara ny fahasalamako ara-tsaina.
Arakaraka ny nivavahako no nampiova ny toetrako koa. Rehefa nandeha ary ny volana dia nanjary nihira tao amin'ny antokom-pihiran'ny fiangonana aho. Namonjy Sorona Masina aho isaky ny alahady. Manaraka izany, nanjary mpikambana tao amin'ny ekipan'ny litorjia aho ary nandray anjara koa tamin'ny fivahinianana fanaon'ny monfortana (Pélérinage montfortain).
Nanomboka teo no nahalalàko fa nisy fiofanana ho fiomanana amin'ny fanokanan-tena amin'i Jesoa Kristy Fahendrena amin'ny alàlan'i Maria. Mba hahalalàna bebe kokoa momba izany dia nandray anjara tamin'ny fihaonana voalohany aho, ary avy hatrany dia nahatsapa aho fa natao ho ahy tokoa izany.
Isaky ny fihaonana dia nomena lohahevitra iray hodinihina any an-trano izahay, ary tena nandray izany am-po aho.
Nandao zavatra tsy ilaina maro aho mba hananatonako bebe kokoa an'i Jesoa sy Maria. izany dia nampianatra ahy koa hivavaka, handinika ny sapile ary hanolotra ireo fijaliako andavanandro.



Nanampy ahy ny hanao ezaka eo amin'ny tenako koa izany, eo amin'ny toetrako, eo amin'ny fiainako.

Nitondra fitsaboana ho ahy ny fanaovana ny fanokanan-tena. Izany dingana izany dia nanampy ahy tamin'ny fiatrehina ireo fahoriana izay nianjady tamiko, tampoka, sy tamin'ny fiaretana ireo fijaliana teo amin'ny fiainako.

Ny fanokanan-tena , ary mamporisika mafy antsika hiroso amin'izany aho, dia tsy mba zavatra ampiasàna saina akory, aza matahotra  fa hitarika anareo amin'izany làlana izany i Jesoa sy Maria.

Ny fanokanan-tena no nanome hery ahy ho afaka tamin'izany olana izany. Raha tena irianao dia ho vitanao koa izany.

**Christelle Peronet**



# MIZOTRA MANKANY AMIN'NY FANJAKANA



LIMA, Pérou, io lohateny io no lohahevitran'ny Kongresy Iraisam-pirenena fahatelo "Nucléos Trinitarios", hetsika fitoriana ny Vaovao Mahafaly amin'ny endriny vaovao, Consecratio Mundi, izay natao ny 16 ka hatramin'ny 18 Aogositra 2019 tao Lima any Pérou.

Ny Kongresy izay natrehan'ireo mpandray anjara zato avy amin'ny firenena 17 isa, indrindra ny avy any Amerika, fotoana nahafinaritra nanofanana misionera mavitrika ho an'ny Mpikambana ity hetsika ity, hetsika izay naorin'I Mompera Luka Cirimotic ary notohizan'I Mompera Luciano Cicciarelli, izy ireo izay samy misionera Montfortana.








Nandritra ity Kongresy ity: ny mpandray anjara dia nanana

fotoana nandinihana miaraka ireto lohahevitra ireto: inona ny fanjakana, fanasana ho tonga mpikambana ao amin'ny Fanjakana, fanomanana amin'ny fanokanantena, eny an-dàlana mankany amin'ny Fanjakana na ahoana no fomba hiainana ny fanokanantena, fanokanantena sy ny fitoriana ny Vaovao Mahafaly, "consecration Mundi" amin'ny maha- Apôstôlin'ny Trinité Masina amin'ny fitoriana ny Vaovao Mahafaly amin'ny endriny vaovao. Tanatin'ireo hevitra isan-karazany naroso, ny fankatoavana ny Fanahy Masina (VD 119) no toy ny fanalahidy hidirana amin'ny Fanjakana. Ny tanjona dia ny ho "fitoviana, fiombonana ary fanokantena amin'I Jesoa Kristy" izay itoeran'ny fahalavorariana Kristiana, miaraka amin'ny fanampian'I Maria (jereo VD 120). Ny Fanahy Masina no hitarika antsika Kristiana "hahatrarana ny fiovan-tarehy ao amin'I Jesoa Kristy, amin'ny hafenoan-taonany eto an-tany sy ny hafenoan'ny Voninahiny any an-danitra". Io fanjakana ara-panahy io dia hiova be ary hitarika ny fiainam-piarahamonina, ny politika, ny ara-toekarena, sns..ho amin'ny fahatongavana ho nofo "fandrosoan'ny fitiavana" (jereo. VD 56) eto amin'izao tontolo izao ankehitriny ka hatramin'ny farandro (jereo. VD 46, sns.) amin'ny alalan'ny asan'ireo vita Batemy dia ireo no "tena Apôstôlin'ny andro farany" (VD 58). Tena marina "ary ho tonga anie ny Fanjakanao, dia ny Fanjakan'I Maria" (VD 217).

**Dola de SOL-ABAB**

# FANAPAHA-KEVITRA SY VAVAKY NY MISIONERA MAFANA FO SY LAVORARY

## (Louis-Marie de Montfort, Cantique 22)



Père Aloi, missionnaire en Papouasie Nouvelle Guinée

**1. Izay no izy, nivenjivenjy eran-tany aho**
**Naka toe-tsaina mirenireny aho**
**Mba hanavotra ireo namako mahantra.**
**Ahoana moa ! ny hahitako ny fanahin'ny rahalahiko**
**Maty etsy sy eroa noho ny fahotana**
**Ka dia tsy hanohina ny foko ?**
**Tsia, tsia, Tompo ô (bis), sarobidy loatra izy amiko.**

2. Hahita izany fanahy tena kanto
Latsaka anatin'ny fahafatesana mandrakizay
Kanefa tsy hisy na iray akory hangoraka ?
Ahoana moa ! Hahita ny ràn'ilay Andriamanitra tia
Ho very tsy amin'antony ary ny vidiny ho very mandrakizay ?
Aleoko ihany ny ho votoraka(bis)



5. Omeo ahy ny fanomezan'ny fahendrena
Sy ilay fitiavana manosika
Ary mahatonga ny olona ho masina.
Mba ataovy ho toy ny kotroka ny vavako,
ry Andriamanitro
Ka hamotika ny tsy rariny
Mba hahatonga ny sitraponao
Ho tanteraka any an-danitra (bis) sy ety
an-tany.

12. Tsy afaka ny hipetraka aho na ora iray
Na hijanona maharitra amin'ny toerana iray
Eo am-pahitàna an'i Jesoa voatohina.
Indrisy mantsy ! manangana ady aminy avokoa n'aiza n'aiza.
Manjaka ny fahotana amin'ny toeran-drehetra,
Ireo fanahy latsaka anaty afo mirehitra.
Te hikiaka mafy (bis) toy ny kotroka aho.

13. Ry Andriamanitro ô! ho an'ny Evanjelinao,
Te hijaly eo am-pitetezana ireo tanàna aho
Na fahafaham-baraka an'arivony, na fijaliana an'arivony sy an'arivony.
Raha toa ka avy amin'ny aiko sy ny rà avy amin'ny lalan-dràko
Tsy hamotika afa-tsy fahotana iray ihany aho,
Raha toa ka fo iray ihany no ho tohina noho ny amiko,
Dia hanefa be loatra Ianao (bis) noho ireo otako.



31. Vonona aho, ry Jesoa Mpampianatro,
Ny hitory anao n'aiza n'aiza, ny hiseho,
Nambomban'ny fahasoavanao,
Inty aho ataovy ho misionera;
Rehefa tsy hahazo valin-kasasarana aho
Fa fanilihana sy fahafaham-baraka,
Dia ho faly aho amin'izany (bis), ry fakan-tahaka.

32. O Maria, ô ry Reny mamiko,
Vonjeo amin'ny tafika manontolo aho,
Faingàna ianao, niadivana aho.
Mba hitombo sy hamokatra ny teniko anie,
Mba handrava ny tsy marina
Sy mba hitomboako fahamasinana,
Ary ny Andriamanitro (bis) hanome voninahitra anie.

ANDRIAMANITRA IRERY

# Adresse



**MISSIONNAIRES MONTFORTAINS**
Viale dei Monfortani, 65, 00135
Rome – ITALIE
**Tel** (+39) 06-30.50.203
**Fax** (+39) 06 30.11.908
http://www.montfortian.info/amqah/